

Ny Mpanjakan'ny Trondro

Notontosain'i Ruth H. Leeney
Sary nataon'i Jen Richards

Ho an'i Lamin Sowe, ary ireo zanaka mpanjono maneran-tany

Ny *Protect Africa's Sawfishes* (Arovy ny Vavana any Afrika) dia miasa any amin'ireo firenena an-dàlam-pandrosoana mba hanangom-baovao momba ireo andiana vavana, ary miara-miasa amin'ny fitondràna sy ireo fiaraha-monina any an-toerana mba hahitàna ny fomba tsara indrindra hiarovana ireo trondro ireo amin'ny fanjavonana.

save our seas foundation

Ity boky ity dia tanteraka nohon'ny famatsiam-bola avy amin'ny Fandraharahàm-Pirenena momba ny Ranomasina sy ny Atmosfera (NOAA) Fisheries Service (famatsiana laharana NA15NMF4690193), ny Fikambanana Leonardo DiCaprio, ny Fikambanana Save Our Seas (famatsiana laharana SOSF-2016-369) ary ny Vondrona Manam-pahaizana momba ny Antsantsa IUCN. Fisaorana manokana ho an'i Nick Dulvy, Peter Kyne sy Michael Scholl.

Mama, inona kay ity?
Avy amin'ny antsantsa ve?
Sa fitaovam-piadiana?

Singa amin'ny vatana trondro hafa kely sady mahafinaritra iny. Vavana!

Ny vavana dia manana anarana maro samihafa any amin'ny faritra maro ao Afrika. Inona no anaran'ny vavana any amin'ny tanànanao?





Maro ny vavana taloha taty Afrika, eny akaikin'ny morontsiraka, any anaty ala honko sy renirano.

Ankehitriny anefa, maro ireo vavana nanjavona. Fa nahoana?

Misy antony vitsivitsy manazava ny nanjavonan'ny vavana.
Ny vavana lehibe dia miaina any an-dranomasina. Afaka mitombo ho tena lehibe izy, indraindray aza lehibe noho ny lakana, nefa sady tsy masiaka izy no tsy manafika olombelona.

Voafandrika anaty harato anefa ny tsofan'ny vavana, ka mora ny misambotra azy avy eo.
Arakaraka ny mahabetsaka ny harato no mahabetsaka ny vavana tratra.



Vitsy ny isan'ny zanaka azon'ny vavana isan-taona fa tsy toy ny trondro hafa. Koa raha be loatra ny vavana voasambotsika, dia hanjavona haingana be ry zareo!





Any alavitry ny morontsiraka, mihazona ny tany tsy hihotsaka ny fototry ny hazo. Nefa rehefa manapa-kazo ny olona mba hivarotany vatan-kazo, na hamboleny, dia miha-malemy ny tany. Rehefa avy ny orana dia mitondra ny tany hikoriana ho any an-drenirano izay hifatràrany izy, ka mahatonga ny renirano ho marivo kokoa.

Ny vavana vavy izay te-hilomano anatina renirano mba hiterahany amina rano madio, dia tsy ho afaka hiditra ny renirano raha marivo loatra izany.

Ny zanaka vavana kosa dia tia miafina anaty ala honko, mba hanalavitra ireo voay sy antsantsa lehibe izay te-hihinana azy.

Kanefa rehefa kapain'ny olona ny ala honko mba hakàny hazo, na hamboleny vary, dia tsy manana toerana hiafenana intsony ireo vavana.



Fa maninona anefa isika no tokony hiaro ireo vavana?

Ny vavana sy ireo antsantsa lehibe hafa ary ny makoba dia manan-danja lehibe amin'ny fiainana an-dranomasina, anaty ala honko ary an-drenirano.



Kanefa raha maka be loatra amin'ireo
karazam-biby tsirairay anaty renirano, ala honko na ranomasina ianao, dia tsy hifandanja intsony izy ireo.
Avy eo miova ny isan'ireo karazam-biby hafa, dia mety hanjavona ireo biby fisambotry ny olona hatao sakafo.

Noho izany dia mila tandrovantsika
ny fifandanjana anaty renirano, ala honko ary ranomasina, ka tsy tokony hanjono be
loatra ny karazam-biby tsirairay isika. Amin'izay ho ampy sakafo ny rehetra!

Raha mahasambotra vavana ianao, tazony anaty rano izy raha azo atao. Ezaho tsoahina amin'ny harato ny nifiny, na tapaho ny haratonao. Avy eo izy havotsory velona anaty rano.

Tandremo anefa fa matanjaka ny vavana! Makà namana iray mba hanampy anao.

Avy eo, manaova tatitra any amin'ny tomponandraikitry ny jono akaiky anao indrindra, momba ny vavana azonao. Azony ampiasaina hahatakarana bebe kokoa ny momba ny vavana any amin'ny faritra misy anao izany vaovao izany.



Karakarao tsara ny vavana any Madagasikara, dia hokarakarainy koa ny renirano sy ranomasintsika,

mba hahafahantsika hanana sakafo be dia be anio sy amin'ny hoavy!

Copyright © 2016 Ruth H. Leeney | Protect Africa's Sawfishes

Although the author and publisher have made every effort to ensure that the information in this book was correct at press time, the author and publisher do not assume and hereby disclaim any liability to any party for any loss, damage, or disruption caused by errors or omissions, whether such errors or omissions result from negligence, accident, or any other cause.

All rights reserved. No part of this publication may be reproduced, distributed, stored in a retrieval system or transmitted, in any form or by any means, including photocopying, recording, or other electronic or mechanical methods, without the prior written permission of the publisher or a license, except in the case of brief quotations embodied in critical reviews and certain other non-commercial uses permitted by copyright law. For permission requests, write to the publisher at the address below:

Save Our Seas Foundation (SOSF)
Rue Philippe Plantamour 20
CH-1201 Geneva | Switzerland
w saveourseas.com
e info@saveourseas.com

First Printing, 2017

ISBN (Print) 978-2-9701156-6-3
ISBN (Digital) 978-2-9701156-7-0

This book is available in English, Portuguese, French and Malagasy.

Published by the Save Our Seas Foundation (SOSF)
Registered address: Rue François Bellot 6, CH-1206 Geneva, Switzerland
Office address: Rue Philippe Plantamour 20, CH-1201 Geneva, Switzerland
www.saveourseas.com | www.saveourseas.org

Text written by Ruth H. Leeney | www.facebook.com/ProtectAfricasSawfishes/
Illustrations by Jen Richards | www.jenrichardsart.com
Concept & design by Ruth H. Leeney and Jen Richards
Translations by Inês Carvalho, Céline Graciet, Jeremy Kiszka, Miguel Oliveira and Candy Radifera
Proofreading by Leni Martin and Alexandra von Känel
Printed by Ostschweiz Druck AG, Hofstetstrasse 14, CH 9300 Wittenbach | www.ostschweizdruck.ch

myclimate neutral Printed Matter | 01-16-411417 myclimate.org

FSC www.fsc.org MIX Paper from responsible sources FSC® C008549